
# ALAHADY FAHA 25 MANDAVANTAONA - A



## *NY FIHEVITR'ANDRIAMANITRA TSY FIHEVITSIKA*

Ry Kristianina havana, amin'izao Alahady faha-25 mandavantaona, Alahady mamarana ny volana septambra izao dia asain'ny Eglizy isika hibanjina manokana ny anjara toeran'ny lahika eo anivon'ny fiainana andavanandro, Alahady antsoina hoe andron'ny lahika. Marina fa andron'ny lahika ny andro rehetra fa tian'ny eglizy asongadina handalinana sy handinihana ny anjara toerany androany izany hoe ny maha-Apostoly ny lahika eo anivon'izao tontolo izao. Ny lahika dia ireo miaina eo anivon'izao tontolo izao, amin'ny alalan'ny fiainany no anambarany ny Vaovao mahafaly ka hitondrany ny toe-panahy maha Kristianina araka ny vavakantsika momba ny fiantsoan'Andriamanitra. Tsara averintsika sy ampahatsiahivana amintsika : "Omeo apostoly lahika vonon-kamonjy ny namana izahay mba hampamirapiratra ny toe-panahy kristianina eran'ny tany rehetra, amin'ny fitiavam-bavaka, amin'ny fitiava-namana, amin'ny fandeferana omban-kerim-panahy, amin'ny asa sahanina, hampibaribary ny toe-tsainao Kristy mamelona azy".

**Vakiteny I :** Iz. 55, 6-9
**Tononkira :** Salamo 144
**Vakiteny II :** Fil. 1, 20d-24. 27a
**Evanjely :** Mt. 20, 1-16a

Mivavaka isika androany mba hiveloman'ny lahika lehilahy sy vehivavy rehetra sy hiainany ny toe-panahy maha lahika izany ary ao anatin'ny tolagna telo izany andraikitra izany, izany hoe miaraka ny lahika ny pretra ary ny relijiozy. Matetika aho no milaza amintsika fa ao amin'Andriamanitra dia tsy

misy kisendrasendra fa asehony amintsika ny sitrapony amin'ny alalan'ny teniny. Araky ny fandaharana litorjika amin'izao Alahady faha-25 mandavantaona izao ny tenin'Andriamanitra dia araky ny lazaintsika matetika hoe tsy misy tenin'Andriamanitra manokana fa natokana ho an'ny rehetra ny tenin'Andriamanitra fa kosa ny evanjely androany mampisongadina ny toetra anankiray hivelomantsika ny maha-Kristianina antsika mba ho Kristy mpiara-belona amin'olona isika. Toetra mitodika manokana amin'ny lahika.

Takin'ny maha lahika ny lahika ny hoe Kristy mpiara-belona ka asaina isika mba hahay hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro. Ny fanoharana ataon'i Jesoa androany ao amin'ny evanjely dia mampibaribary an'izay toetra Kristianina izay, toe-panahy Kristianina hahatonga antsika ho Kristy mpiara-belona amin'olona, ho kristianina raha izay mahazatra.

Ary ny mahavariana dia amin'izao ankatoky ny fihaonamben'ny Sinaody isika no miara-mivavaka mankalaza raha ny eto an-tampon-tanan'ny renivohitry ny diosezy ny Jobily faha-10 taona nijoroan'ny Filankevitry Pastoraly izay ianareo lahika no fo manome aina, fa ny loha mpitarika ny pretra ary ny avokavoka manome rivotra mamelona dia ny voatokana, relijiozy.

Raha hiverenentsika ny Tenin'Andriamanitra amin'izao Alahady faha 25 izao. Ny vakiteny voalohany dia efa mampisongadina izay rehetra voalazantsika izay

Ny fihevitro tsy fihevitrareo ary ny lalanareo tsy mba lalako, hoy ny lohevitra napetratsika amin'izao alahady izao. Teny avy amin'ny Bokin'Izaia io. Hiverenan'I Jesoa io hevitra ao amin'ny fanoharana nataon'i Jesoa ao amin'ny Evanjely. Marina fa noharìn'Andriamanitra mitovy endrika Aminy isika kanefa aoka hahatsapa hatrany fa zava-boaary, ka noho izany tsy afaka miady varotra amin'Andriamanitra na oviana na oviana ka hanambara amin'Andriamanitra izay tokony hataony. Ny anjarantsika dia miezaka araka ny fitsilovan'ny Fanahy Masina hahalala sy hanakatra ny tena fihevitr'Andriamanitra. Ny tanjona dia mba ho ny fiheviny no lasa fihevitsika sy hanjaka ao amintsika.

Izany no dikan'ny Tenin'Izaia hoe "mitadiava ny Tompo dieny mbola mety ho hita. Miantsoa Azy dieny mbola akaiky Izy. Mampiova zavatra maro raha tanteratsika izany. Io indrindra no ataontsika amin'izao Sinaody izao. Hitady ny sitrak'Andriamanitra miainga amin'ny fiainantsika. Mitaky fibebahana izany. Io ilay lazaintsika fiovam-penitra mahery vaika. Hoy indrindra ny Mpaminany Izaia milaza izany : *"Aoka ny ratsy fanahy hiala amin'ny lalàny, ary ny meloka, amin'ny heviny; ka hiverina amin'ny Tompo izy, dia hamindrany fò; dia amin'Andriamanitra, fa mamela malalaka Izy*".

I Jesoa ao amin'ny fanoharana omeny dia mampahatsiahy fa tsy mahazo mipetrapetraka aoka samy hiasa. Asainy isika na amin'ny ora fahafiry na amin'ny ora fahafiry, na aiza na aiza dia asainy hiasa izany hoe hampamokatra ny fanjakan'Andriamanitra. Izany no fanirahana atao ho antsika mianakavy fa indrindra amin'izao andron'ny lahika izao sy andro mialoha ny Sinaody izao. Matetika milaza fa tsy misy kisendrasendra. Izao koa ny fanokafana ny taona Pastoraly ka fotoana fanirahana. Irahina tokoa isika hamokatra. Tanteraka ny teny Fanevan'ny Sinaody Faha-7 : EGLIZY OLO VELOMIN'NY BATEMY MIOMBONA MIARA-DALANA MANDRAY AN-TANANA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA.

Ny fanoharana nataon'i Jesoa io dia tsy misy ora na taona fa isika vita batemy rehetra fa indrindra isika apôstôly lahika rehetra ary indrindra tsy misy resaka tambiny na resaka karama fa irahina isika

na amin'ny ora voalohany, na amin'ny ora fahasivy. Ao anatin'ny fivelomanana izany iraka izany no hanamasinantsika ny fiainana. Manana Modely isika dia Victoire sy Lucien Botovasoa.

Ny fampianarana faharoa dia tsy hoe tombotsoa na karama no andrasantsika fa ny tian'Andriamanitra dia isika hiara-hiasa Aminy ary raha manao izany isika dia mamokatra be. Raha manao ny asan'Andriamanitra isika dia Andriamanitra hanao ny asantsika araka ny voalaza matetika amintsika. Izany no vokatra lehibe, raha izy Andriamanitra no manao ny asantsika dia matoky isika fa hahazo vokatra sarobidy sy vokatra tsara ka hihavao sy hihalavorary tokoa ny fiainantsika.

Matoa isika tsy mamokatra dia satria tsy manao ny asan'Andriamanitra. Tsy vaovao amintsika anefa ny tenin'Andriamanitra fa indrindra ny fanoharan'I Jesoa niany dia mampisongadina azy manokana.

Raha maniraka antsika tokoa Andriamanitra ary manasa antsika hiasa na amin'ny fotoana fahafiry sy tsy misy fetra, ny tiany hambara dia ny hanatanteraka ny sitrapony isika, aoka isika hanao ny asan'Andriamanitra dia izy hanao ny asantsika.

Araky ny hafatr'Izaia mpaminany amin'ny vakiteny voalohany dia aoka isika hahay hananararaotra izao fotoana izao, hahay hivelona ny maha kristianina antsika ka hahatonga antsika ho Kristy mpiara-belona, "*Miantsoa Azy dieny mbola akaiky Izy. Aoka ny ratsy fanahy hiala amin'ny lalany, ary ny meloka, amin'ny heviny; ka hiverina amin'ny Tompo izy, dia hamindràny fo*"

Hararaoty ry Kristianina havana izao fotoana izao mba hialantsika amin'ny toetra ratsy izay manapotika ny fiainantsika, aoka ho taranaka mamokatra isika, mamokatra voa tsara, aoka ho taranaka manorina Eglizy isika. Milaza i Jesoa ao amin'ny Evanjely hoe ny fihevitro tsy fihevitrareo, koa aza ny hevitr'izao tontolo izao no entintsika miasa fa ny hevitr'Andriamanitra.

Masindahy Paoly ao amin'ny taratasy ho an'ny Filipianina mananatra antsika sy manome ohatra velona ho antsika : " *Homem-boninahitra amin'ny tenako i Kristy, na velona aho na maty. Satria raha ny amiko, dia i Kristy no ahavelomako, ary ny fahafatesana no ahazoako tombony".* Izany no maha Kristianina antsika satria mitondra anaran'i Kristy ka aoka ho Izy no hamelona antsika ary amin'izay isika na amin'ny fotoana inona na amin'ny toerana aiza dia miasa ho an'ny fanitarana ny fanjakan'Andriamanitra. Raha manao ny asan'Andriamanitra isika dia hamokatra tokoa satria Andriamanitra no miasa ho antsika.

Ry Jesoa Tompo ô, vitsy ny mpiasa eo amin'ny sahanao ka tsy mitsahatra izahay ny mivavaka mba hanirahanao mpiasa ny sahanao, mivavaka koa izahay ho an'ireo efa am-perinasa nefa misedra zavatra maro, enga anie ny fahasoavanao sy ny Fanahinao masina hankahery an'ireo izay miasa amin'ny toerana sarotra. Ampio izy ireo ry Jesoa Kristy zokinay ô.

Enga anie ny asa ataonay mba hamokatra araka ny sitrakao ary tsy ho kivy izahay eo amin'ny fanatanterahana an'izany asa izany fa ho vonona mandrakariva tsy hiraviravy tanana fa hanana fankaherezana ka hiroso hahatakatra mandrakariva ny hevitrao. Izany hevitrao izany tokoa anie no entinay manatanteraka ny asa anirahanao anay ka amin'izay dia hahay hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro izahay. Masina Maria Reny, raha vao avy nandray ny hafatry ny Anjely ianao dia vontom-pinoana lasa nanompo an'I Mb Elizabeta, maro ny Mb Elizabeta amin'izao mila vangiana ~~karakaraina~~ karakarainay. Tsy azo hadinoana koa ny tontolo iainana izay mitaraina, miandry anay hoy

ny Papa. Md Josefa, lehilahy marina sy miasa ianao ka tohana ny ezaka rehetra ataonay mba hivelona ny vôkasionay tokoa izahay ka hiasa ary enga anie ireo tsy an'asa mba hahita asa tandrify azy ireo. Amen

Mompera Arserveka Mgr Benjamin Ramaroson